


## **ALAHADY FAHA 26 MANDAVANTAONA - A**



### **NY TOKY FITAKA, FA NY ATAO NO HITA**

Ry Kristianina havana, miditra amin'ny lalindalina kokoa amin'ny fandalinam-pinoana isika izay hitondra antsika ho Kristy mpiara-belona amin'olona hitondra ny hafalian'ny vaovao mahafaly sy hizara ny vaovao mahafaly eo amin'ny mpiara-belona ka ho vavolombelona manambara ny marina, mizara ny fifankatiavana, hampanjaka ny fihavanana marina ka hahatonga ny fiaraha-monintsika hitoeran'ny fiadanana ka ho lavitra antsika ireny hetraketraka sy fanapotehana ireny fa ho taranaka mamokatra voatsara isika ary ho taranaka manorina Eglisy velona ka ho vavolombelona eo anivon'ny fiaraha-monina tokoa. Amin'izao Alahady mamarina ny volana septembra, alahady ny lahika izay efa nanaovantsika fanentanana tamin'ny alahady lasa teo. Alahady ihany koa mampiditra antsika amin'ny volana oktobra volana oktobra izay ibanjinantsika manokana'i Masina Maria , oktobra voalan'ny Rozery. Manasa antsika hiombona amin'I Masina Maria mba ho tena départ

vaovao entanin'ny Fanahy Masina ka ho Pantekoty Vaovao ho antsika tokoa ny taompikatrahoana pastôraly. Mbola ao anatin'ny Lohataon'ny Fahariana isika hanasan'I Papa antsika hanana fiovampenitra mahery vaika eo amin'ny fifandraisana amin'ny zavaboary ka ilaina amin'ny toetra mpanjinja nahazatra ka nanapotika amin'ny zavaboary fa

hiova tanteraka ka tena iverina amin'ny vocationntsika olombelora raka ny naharian'Andriamanitra dia tsy fa ho mpanjaka izany hoe ho tompony ka manao izay hanatsara azy ary hampamokatra azy.

Vakiteny I : Ezek. 18, 25-28

Tononkira : Salamo 24

Vakiteny II : Fil. 2, 1-11

Evanjely : Mt. 21, 28-32

Raha atao amin'ny teny hafa izay rehetra izay dia ilay toetra mpanjifa manapotika voaktra ny fahotana dia hibebeka tokoa isika ka ho tompony ka tsy mpankajaka fa manao izay hahasoa hatsara ny reheetra ka hikatsaka ny soa iombonana amin'ireo harena amin'ny zavaboary ka hitondra amin'ny fivelaranany besinimaro sy olona tsiraray. Tanjona sy ezaka manambara ny Pantekoty vaovao. Araka ny lohahevitra izao lahadys faha 26 izao dia ny toky fitaka ary fa ny atao no hita. Mora ny miteny fa aoka arahin'asa. Izay ny maha EOV MISIONERA ANTSIKA VITA BATEMY KA IRAHINA EO AMIN'NY TONTOLO IAINANA IVELONA NY VOKASIONTSIKA HATRAMIN'NY VOALOHANY. Tsy ho tanteraka izany raha mivelona ny fihatsirahambelatsihy isika. Raha mbola ny henamaso no manjaka. Mitaky mangaraharaha tanteraka io fiovam-penitra mahery vaika. Mitaky fivelomana ny fahamarinana mba tsy ny teny manaitra fa ny atao mahasarika.

Amin'izao volana oktobra hatomboka iska izao dia hiaraka amin'i Masina Maria isika hibanjina ny tantaram-pamonjena antsika amin'ny fanaovana ny raozery izay nampianaran'i Md Papa Joany Paoly faharoa hanampy antsika handalina ny famonjena antsika manomboka amin'ny misterin'ny fahatongana ho nofo sy ny fanavotana, ny famirapiratana ary ny misterin'ny be voninahitra izay antenaintsika koa hitoerantsika rehefa avy mamakivaky an'ity fiainana fandalovana ity isika ka hiaraka amin'i Masina Maria sy ireo olomasina. Volana lehibe ho antsika ity oktobra ity izay volan'ny misiona rahateo sy volana handinihintsika ny maha misionera sy maha-iraka antsika ka mifanaraka tsara amin'izao taonan'ny fandalinam-pinoana izao ka EZAHANTSIIKA MAMENO IREO SADJOA SAOTA MBA HO HAATONGA ANTSIKA HO EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA MANORINA ETA IZANY HOE FIFANDRAISANA VOAVAO EO ANIVON'NY TONTOLO IAINANA, TONTOLOM-PIAINANA ARY TONTOLOM-PINOANA satria tsy mikombona isika fa miroso lalinadalina kokoa amin'izao DEPART VAOVAO ataontsika. Entanin'ny Fanahy Masina isika amin'izao Pantekoty vaovao ka hiroso amin'ireo ezaka pastoraly vokatry ny fanjava saserdôty ka entintsika miatriak ny vokatr'ity korontanavirus ity. Ezaka manohy ny famenoana ny sadjoa saota hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona. Ny teny hoe Kristianina dia avy amin'i Kristy. Tsara iahany koa ny mampatsiahys amintsika fa an'io 1 oktobra dia mankalaza an'I Mb Terezin'I Jesoa Zazakely isika. Izy no Mpiaro voalohan'ny Misiona. Androtsaka ny Oran-draozam-pahasoavana amintsika anie izy ka ho misionera tokoa isika jiaby.

Raha tamin'ny Alahady lasa isika nandinika ny hoe tsy mahazo mipetrapetraka isika fa tsy maintsy miasa, izay no mbola antintranterin'i Jesoa amin'ny fanoharana ataony androany ao amin'ny Evanjely izay vakintsika amin'izao Alahady faha 26 mandavantaona izao. Tsy ampy ny manome toky fotsiny hoe handeha hiasa fa tsy maintsy manantanteraka an'izany asa izany isika ary raha miaramiasa amin'Andriamanitra isika dia Andriamanitra tokoa hanao ny asantsika.

Amin'ny Evanjely androany manao fanoharana i Jesoa : misy lehilahy anankiray mananjaka roa lahy ka ny iray ilay lahimatea, ny anankiray faralahy. Ny zanaka lahimatea nilaza fatsy handeha aho kanefa rehefa avy eo nandinika izy dia nandeha ka nahatanteraka ny sitraky ny Ray, ilay faralahy nilaza handeha aho Tompo noho ny hafanam-po kanefa tsy nandeha izy fa naro ny zavatra nahasarika azy.

Azo lazaina fa famintinana ny fiainantsika io voalaza amin'ny Evanjely androany io. Amin'izao mandavantaona izao dia isaky ny Alahady isika mandinika ny toetra anankiray hanampy antsika ivelana bebe kokoa ny fiombonana amin'I Kristy mba hivelomantsika ny maha-Kristy mpiara-belona antsika haha EOV MISIONERA antsika. Ka amin'izao Alahady faha 26 mandavantaona izao dia hitantsika ny toetra anankiray izay tsy mifanaraka amin'ny toetran'i Kristy, mora ny manaiky ambava fa tsy manatanteraka mangataka andro lava isika, mangataka fotoana lava isika, voasarky ny rendrarendra isika, voasarky ny fakam-panahy isika fa indrindra isika tanora. Hanomboka izao TAOM-PITAHOANA VAOVAO ISIKA izay heverentsika ho DEPART VAOVAO ary ho an'ireo tanora ny taom-pianarana, hiroso lalindalina kokoa amin'ny fianarana katesizy mba hahatonga antsika ho tena mpandalina ny finoana kristianina isika; Enga anie tsy ho finoana an-kandrina fotsiny, tsy mahazo mipetrapetraka isika fa mila miasa, Andriamanitra manome fahasoavana antsika mba hahafahantsika miroso amin'ny lalindalina kokoa. Enga anie tsy resaka fotsiny ny "départ vaovao" fa fanapahankevitra matotra hahatonga antsika ho EOV MISIONERA FA INDRINDRA AMIN'IZAO VOLANA OKTOBRA. Io ilay lazain'ny Papa ao amin'ny hafatra sy vavaka amin'ny lohataonan'ny fahariana : mitaka fiovampenitra mahery vaika "changement radical" hoy izy ka tsy mpanjinja manapotika intsony fa tompony mamelona.

Noho izany indrindra aoka isika mba hanararaotra izao fotoana izao araky ny hafatry Ezekiela mpaminany amin'ny vakiteny voalohany, aoka isika hibebaka, hararaotintsika ny fandalinantsika ny finoana amin'izao volan'ny raozery sy volan'ny misiona izao. Maniraka antsika Andriamanitra tsy hanao eny am-bava fotsiny fa mba hanao eny tahaka an'i Masina Maria "Aoka ho tanteraka amiko araky ny teninao" Enga anie mba hiasa eo anivon'ny fiainantsika andavanandro ny Eny ataontsika.

Miasa tahaka nataon'i Masina Maria manasoa ny hafa, manasoa ny mpiara-belona, mikolokolo ny tontolo . Aoka isika mamboly fifandraisana tsara fa indrindra amin'izao volan'ny raozery izao ka hahatonga antsika Kristy mpiara-belona amin'olona izao fidirantsika sy fikatrophantsika amin'ny taona pastoraly izao, mikatroka isika raha mamboly fifandraisana tsara amin'Andriamanitra, amin'ny mpiara-belona amintsika sy amin'ny tontolo iainantsika.

Izany no ampianarin'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa, izay mamintina tokoa ny tena antondian'i Kristy ilay mistery ho dinihantsika mandritra ny volan'ny raozery izao, manana ny toetra maha Andriamanitra azy I Kristy nefo nataony tsinontsinona izany satria ny tadiavin'i

Kristy dia ny hampiombona antsika, niasa izy nanolotra ny ainy nahafoy ny ainy mba hampiombona antsika. Izany koa no andrasany amintsika. Mila fahafoizana izany ary matetika voan'ny fakam-panahy isika satria manjaka loatra ny fitiavan-tena, ny fanilikilihana eo amintsika. Mila fibebahana isika ka aoka hibanjina an'i Kristy isika, io ilay voalazan'i Md Paoly : raha tiantsika tokoa ny hanana ny fifandraisana marina, aoka haka tahaka an'i Kristy isika. " *raha mba manana famporishana ao amin'i Kristy koa ianareo, na manana fanalana alahelo amin'ny fitiavana ihany, raha misy firaism-po amam-panahy koa amintsika, ka mba misy fitserana amam-pangorahana ahy ihany aminareo, dia fenoy tanteraka ny hafaliako amin'ny firaisanareo saina, ka hiray fitiavana, hiray fo, hiray hevitra, tsy hanao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana na filan-dera foana, fa samy hanetry tena sy hanao ny namany ho ambony noho ny tenany avy, samy tsy hihevitra ny azy ihany, fa ny an'ny namany koa. Manàna ny saina amam-po hita tao amin'i Kristy Jesoa,*"

Izany no lèlana hahafahantsika mampiova ny fifandraisantsika ka hanao ny asan'Andriamanitra isika. Raha mirindra ny fifandraisantsika aminy sy ny mpiara-belona amintsika ary amin'ny tontolo iainana dia izany no azo lazaina fa asan'Andriamanitra, tsy ho tanteraka izany raha tsy ao anatin'ny fanentretena izay ampianarin'i Kristy antsika. Hoy Md Paoly " *manana ny toetra sy ny fomban'Andriamanitra tokoa i Kristy nefo tsy nihevitra izany fa hoe zavatra ambony fa nialany izany tamin'ny fakan'ny ny toetra maha mpanompo sy nilatsa tena ho ambany izy*"

Izany no lèlana mampirindra tokoa ny fifandraisantsika hahafahantsika manorina fiaharamonina vaovao izay lazaintsika hoe taranaka mampijoro taranaka mpanorina fa tsy mandrava, ka ho taranaka mamokatra voatsara. Tanteraka tokoa izany raha EOV MISIONERA ISIKA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao tokoa manambara aminay amin'ny alalan'ny fanoharana fa matetika izahay manaiky kanefa tsy manao, ampio àry izahay hibebaka tokoa araky ny fampianaran'i Ezekiela mpaminany, ampio izahay haka tahaka anao hanana fanentretena, amin'izay hiova tokoa ny fifandraisany amin'Andriamanitra Ray, hiova ny fifandraisany amin'ireo manodidina anay, hiova ny fifandraisany amin'ny tontolo iananay ka hiezaka izahay tokoa hanamboatra sy hanatsara an'izay tontolom-piainanay izao. Ampio izahay ry Masina Maria reninay o, hiaraka aminao tokoa izahay amin'izao volana oktobra hibanjinanay miaraka aminao ny misiterin'ny famonjeana, mivavaha ho anay, mivavaha ho an'ny diosezy maminao, mivavaha ho an'ny fianakaviana tsirairay, mivavaha ho an'ny tanindrazanay izay mandalo fotoan-tsarotra tokoa izay ianao no mpiaro azy. Amen